Izay manantena ny hamonjen'I Allah azy amin'ny fahoriana amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, dia aoka izy hanome fanamaivanana ho an'izay sahirana na hamela azy

Tatitra azo avy tamin'i Abo Qatada (R.A) fa nitady mpitrosa taminy izy, dia niafina taminy ilay olona, dia avy eo nahita azy, ka niteny izy hoe : Sahirana aho, ka hoy izy : Mianiana amin'I Allah ianao? Dia namaly izy hoe : Mianiana amin'I Allah aho? Dia hoy izy : Nandre ny irak'Allah (S.A.W) aho niteny manao hoe : "Izay manantena ny hamonjen'I Allah azy amin'ny fahoriana amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, dia aoka izy hanome fanamaivanana ho an'izay sahirana na hamela azy."

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

I Abo Qatada Al-Ansari (R.A) dia nitady ilay olona nitrosa taminy izay niafina azy, dia nifanena taminy, ka hoy ilay mpitrosa taminy : Sahirana aho ary tsy manam-bola handoavana ny trosanao. Ka nampianiana azy tamin'ny anaran'I Allah i Abo Qatada fa hoe tena tsy manam-bola izy? Nianiana tamin’I Allah àry izy fa nilaza ny marina tamin’izay nolazainy. Ka nilaza i Abo Qatada (R.A) fa izy naheno an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : Izay maniry sy manantena an'I Allah fa hamonjy azy amin’ny fahoriana sy ny fahasahiranana ary ny horohoron-tany amin’ny andro fitsanganana amin’ny maty, dia aoka izy hanala ny fahasahiranana, amin’ny fanitarana sy fanemorana ny fitakiana ny trosa, na ny famoizana ny trosa sasany na ny rehetra.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4195